# DRAFITRA FANATANTERAHANA NY DRAFITRA NASIONALY HO FIKAJIANA SY FITANTANANA NY ANTSANTSA SY MAKOBA ETO MADAGASIKARA




2022 – 2026

# DRAFITRA FANATANTERAHANA NY DRAFITRA NASIONALY HO FIKAJIANA SY FITANTANANA NY ANTSANTSA SY MAKOBA ETO MADAGASIKARA

# Fizahan-takila

Fampidirana p.6

1. Fampahatsiahivana ireo sehatra mombany paik'ady p.7

2. Drafitra fanatanterahana p.8

2.1. Tanjon'ny paik'ady 1 p.8

2.2. Tanjon'ny paik'ady 2 p.11

2.3. Tanjon'ny paik'ady 3 p.13

2.4. Tanjon'ny paik'ady 4 p.16

2.5. Tanjon'ny paik'ady 5 p.17

2.6. Tanjon'ny paik'ady 6 p.20

# Fampidirana

Madagasikara dia namolavola Drafitra Nasionaly- ho Fikajiana sy Fitantanana Maharitra ny Antsantsa sy ny Makoba eto Madagasikara izay hamaly ireto tanjona manaraka ireto:

◊ Hatsaraina ny fahalalàna momba ny karazan’antsantsa sy makoba ary ny fanjonoana azy, anatin’izany koa ny asany ao amin’ny rohivoahary, mba hahafahana miantoka ny fikajiana sy ny fitantanana azy;

◊ Tandrovina mba haharitra sy ho voatantana tsara ny jono antsantsa sy makoba manokana ary ny jono tsy niniana;

◊ Hatsaraina ny fikajiana ny antsantsa sy ny makoba eny amin’ny faritra amin’ny alalan’ny fakàna ireo karazany efa ho lany tamingana sy amin’ny alalan’ny famelomana ireo karazany nihavery; ary hatsaraina ny fandraisan’anjaran’izy ireo amin’ny firindran’ny rohivoahary, ho antoky ny filàn’ny fiaraha-monina sy ny toekarem-pirenena;

◊ Entanina ny rehetra manoloana ny loza mihatra amin’ny antsantsa sy ny makoba ary ny toeram-ponenany, ary hatsaraina ny fandraisana anjaran’ny rehetra amin’ny hetsika fikajiana ny antsantsa sy ny makoba

Mba hahafahan’ny mpiara-miombon’antoka rehetra mandamina ny fandraisana anjaran’izy ireo sy mampifandrindra izany amin’ireo paikady mikasika ny ho fikajiana sy fitantanana maharitra ny antsantsa sy ny makoba, dia natao ity drafitra fanatanterahana asa ity miaraka amin’ny lahan’asa amin’ny antsipiriany ary ny teti-bola mifanaraka amin’izany.

# 1. FAMPAHATSIAHIVANA IREO SEHATRA MOMBA NY TETIK'ADY

## 1.1. TANJON'NY TETIK'ADY

### Tanjona lehibe

Mikajy sy mitantana amin'ny fomba mahomby ny antsantsa sy ny makoba mba hahafahana miantoka ny fampiasana tsara azy ireo, amin'ny fotoana ela sy maharitra, ary mba hahafahan'izy ireo mihazona ny andraikiny ara-ekôlôjika.

## Tanjon'ny paik'ady

◊ TPA 1 : Hatsaraina ny fanangonana antontan'isa na antontan-kevitra, ny fanaovana tatitra mikasika izany ary ny fampiasana azy

◊ TPA 2 : Hamafisina ny pôlitikan'ny jono sy ny lalàna mifehy izany

◊ TPA 3 : Hamafisina ny fepetra mikasika ny fitantanana sy ny fikajiana ny antsantsa sy ny makoba

◊ TPA 4 : Hamafisina ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra eny anivon'ny faritry ny ranomasimbe Indianina sy eo amin'ny firenena malagasy

◊ TPA 5 : Hatsaraina ny fampitovizana sy ny fampiharana ny lalàna mipetraka

◊ TPA 6 : Hatsaraina ny fanentanana sy ny serasera

2. DRAFITRA FANATANTERAHANA

## 2.1. TANJON'NY PAIK'ADY 1

**Lohateny :** Hatsaraina ny fanangonana antontan'isa na antontan-kevitra, ny fanaovana tatitra mikasika izany ary ny fampiasana azy

**Fomba fiasa fototra :**

- ◊ Tanterahina ny fanangonana ny antontan-kevitra sy antontan'isa
- ◊ Kirakiraina sy fakafakàna ny antontan-kevitra syantontan'isa
- ◊ Zaraina ny vokatry ny famakafakàna ny antontan-kevitra/antontan'isa

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany | | A 1 | A 2 | A 3 | A 4 | A 5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Mpitarika | Mpandray anjara | | | | | | |
| **Famadihana ho vokatra ary fanamafisana orina ireo antontan-kevitra/ antontan'isa** | | | | | | | | | | | | |
| A.1.1.1 | Fantarina mazava ny antontan'isa, ny mpandray anjara sy ny fitaovana ary fantarina koa hoe aiza ho aiza ny tsy fahampiana mifandraika amin'ny filàna | Isan'ny hetsika fijerena ifotony vita | Fantarina ny filàna antontan-kevitra ara-piaraha-monina, ekônômika sy biôlôjika; ary amin'ny lafiny fitaovana fanangonana antontan-kevitra<br>Fantarina mazava ara-jeôgrafika ny misy ireo mpandray anjara<br>Tombantombanana ireo antontan-kevitra misy<br>Fantarina ireo antontan-kevitra tsy ampy | Fandalinana ataon'ny mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | |
| A.1.1.2 | Hatsaraina ary ampanarahina fenitra ireo fitaovana fanangonana antontan-kevitra | % fitaovana fanangonanana antontan-kevitra manaraka fenitra | Atao lisitra an-tsoratra ireo fomba fanangonana antontan-kevitra efa misy<br>Manangana fafana iraisan'ny rehetra ary nifanekena ho fanangonana ny antontan-kevitra | Fandalinana ataon'ny mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | 126.500.000 |
| A. 1.1.3 | Avondrona amin'ny toerana iray ireo antontan-kevitra | % antontan-kevitra momban'ny antsantsa sy ny makoba voavondrona | Faritàna ny fomba fizarana ny antontan-kevitra | Atrik'asa fiaraha-mandinika | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Asiana rantsana anivon’ny ministera isan-tokony mikirakira ny antontan-kevitra voaangona | Fanamafisana ny UG SNGCRR | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | |

| Antontan-kevitra ara-biôlôjika sy ekôlôjika | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.1.2.1.a | Fantarina ny momba ny jono antsantsa sy makoba : fanaraha-maso ny jono sy fanaraha-maso biôekôlôjika | Isan’ny fikarohana vita mikasika ny toetoetry ny jono amin’izao fotoana izao | Mametraka tetikasa nasionaly hahafahana manangona ny antontan-kevitra biôlôjika sy ekôlôjika mikasika ny antsantsa sy ny makoba | Fikarohana ara-tantara mikasika ny fahazoana antsantsa sy makoba | MIN. FANJONOANA | UG SNGCRR MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | 365.000.000 |
| | | | Miantoka ny fanaraha-maso ny jono sy ny fanaraha-maso ekôlôjika; fanadihadiana ara-tantara eo anivon’ny fiaraha-monina | | | | | | | | | |
| A.1.2.1.b | Mamolavola fanasokajiana karazam-biby ho an'i Madagasikara | Lisitr'ireo karazana tsy mampidi-doza napetraka | Fametrahana ny lisitra ireo karazam-biby tsy mampidi-doza | Famakafakana ny vokatry ny angona biolojika / fanaraha-maso ny jono | MIN. FANJONOANA | MIN. TOTONTOLO IAINANA, Mpanangona antontan-kevitra, ONG | | | | | | |
| A.1.2.2 | Hampiroboroboana ny fahalalàna momba ny toeram-ponenan’ny antsantsa sy makoba izay mampanahy ny fahasimbany amin’ny faritra Andrefan’ny Ranomasimbe Indiana | Isan’ny fanadihadiana ara-tsosialy, fahazoana haza ara-tantara, ny fanaraha-maso biôlôjika sy ekôlôjika vita | Manatanteraka fikarohana akademika sy ara-tsiansa | Fikarohana momba ny fonenan’ny antsantsa sy makoba izay efa mampanahy ny fahasimbany | MIN. TOTONTOLO IAINANA | UG SNGCRR MIN. TOTONTOLO IAINANA MESUPRES ONG | | | | | | |
| | | | Faritana ny faritry ny fonenan’ny antsantsa sy makoba | Fanaraha-maso sy fijerena ny faritra misy azy | | | | | | | | |
| | | | Hampifandraisina ny faritra fonenan’ny antsantsa sy ny makoba ary ny toetoetry ny ranomasimbe misy antsantsa sy makoba | | | | | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.1.2.3 | Manangana ary manatanteraka tetikasa nasionaly mba hanangonana antontan-kevitra biôlôjika sy ekôlôjika momba ny antsantsa sy ny makoba | % antontan-kevitra voaangona sy nampanarahina ny fenitra | Mamolavola antontan-taratasy mirakitra ny tetikasa | Fandalinana atao amin'ny alalan'ny Mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. TOTONTOLO IAINANA MIN. FANJONOANA MESUPRES ONG | | | | | | |
| **Antontan-kevitra momba ny fitrandrahana** | | | | | | | | | | | | |
| A.1.3.1 | Mametraka sy manatanteraka fomba fanaraha-maso ny jono ho an'ny mpanjono madinika | Fisian'ny fomba fanaraha-maso azo ampiasaina eny anivon'ny mpanjono izay iaraha-miasa amin'ny vondrona mpanohana | Mametraka mpanadihady ho an'ny fanaraha-maso ny fahazoana antsantsa sy makoba | Fanaraha-maso | MIN. FANJONOANA | UG SNGCRR MIN. TOTONTOLO IAINANA Min Varotra ONG | | | | | | 140.000.000 |
| A.1.3.2 | Mametraka sy manatanteraka fomba fanaraha-maso ny jono ho an'ny mpanjono manana tanjona hivarotra/ny indostria misehatra amin'ny jono ary ny sambo mpanjono vaventy vahiny sy ny mpanatanteraka ny jono fialam-boly | Fisian'ny fomba fanaraha-maso azo ampiasaina amin'ny sehatra nasionaly anivon'ny mpanjono | Mitondra mpanara-maso anaty sambo | Fanaraha-maso | MIN. FANJONOANA | UG SNGCRR MIN. TONTOLO IAINANA Min Varotra ONG | | | | | | |
| **Antontan-kevitra ara-barotra sy ara-toe-karena** | | | | | | | | | | | | |
| A.1.4.1 | Mamolavola sy mametraka fandaharan'asa nasionaly fanaraha-maso ny varotra *chondrichtyiens* (sokajy ny hazan-drano misy ny antsantsa sy ny | Fisian'ny fandaharan'asa nasionaly momba ny fanaraha-maso | Hitarina ny asan'ny mpanara-maso ara-toekarena mikasika ny varotra *chondrichtyens* | Fanadihadiana amin'ny alalan'ny ministera | MIN. FANJONOANA | UG SNGCRR MIN. TONTOLO IAINANA Min Varotra ONG | | | | | | 70.000.000 |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | makoba) amin'ny sehatra nasionaly | | | | | | | | | | | |
| A.1.4.2 | Hatsaraina ny fanaraha-maso sy ny famakafakana ny antontan-kevitra momba ny fanondranana antsantsa sy makoba | Fisian'ny fifanarahana/ fifanekena iarahan'ny Ministera sy ny ONG<br><br>Isan'ny asa soratra momba ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana ny antontan-kevitra naseho ampahibemaso | Mametraka foibe iraisan'ireo ministera hanadihady ny antontan-kevitra mikasika ny fanondranana antsantsa sy makoba | Didim-pitondrana iraisan'ny ministera<br><br>Hamafisin'ny UG SNGRR | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TONTOLO IAINANA Min Varotra MFB | | | | | | |
| A.1.4.3 | Hatsaraina ny fahalalàna momba ny maha-zava-dehibe amin'ny lafiny sosialy sy ara-toe-karena ny jono antsantsa sy makoba eo anivon'ny asa madinika amin'ny sehatra jono ho an'i Madagasikara | Isan'ny asa-soratra momba ny fikarohana ara-tsosialy sy ara-toe-karena naseho am-pahibemaso | Manao fikarohana ara-tsosialy sy ara-toekarena momba ny jono antsantsa sy makoba ho an'ny jono artizanaly | Fandalinana amin'ny alalan'ny mpanamahay Fanadihadiana maharitra amin'ny alalan'ny mpanara-maso | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MESUPRES ONG Vondron'ny Mpanjono Mpanangona antontan-kevitra | | | | | | |
| | | | Apariaka ny voka-pikarohana sy ny antontan-kevitra voaangona | Mpanamahay | | | | | | | | |

## 2.2. TANJON'NY PAIK'ADY 2

**Lohateny :** Hamafisina ny pôlitikan'ny jono sy ny lalàna mifehy izany

**Fomba fiasa fototra :**

◊ Fitsinjarana ny tondrozotra ho drafitr'asa maro (drafitr'asa fikajiana, drafitr'asa fitantanana,…)

◊ Fanavaozana ny làlana sy ny fitsipika misy

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany: Mpitarika | Ireo mpandray anjara voakasik'izany: Mpandray anjara | A1 | A2 | A3 | A4 | A5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Sehatra Pôlitika** | | | | | | | | | | | | |
| A.2.1.1 | Manatanteraka ireo fifanarahana nankatoavina/nosoniavina eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy anivon'ny faritra izay manodidina ny fikajiana sy ny fitantanana ny antsantsa sy ny makoba | % fifanarahana nankatoavina/nosoniavina izay nanaovana y lalàna fampiharana | Mamolavola tondrozotra nasionaly momba ny fikajiana sy fitantanana antsantsa sy makoba | Fandalinana ataon'mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA MIN. FANJONOANA MESUPRES ONG | | | | | | |
| | | | Mamolavola drafitr'asa nasionaly | Atrik'asa nasionaly | | | | | | | | |
| A.2.1.2 | Hampiroboroboana ny fananganana fandaharan'asa fikajiana ny karazan'antsantsa tandindomin-doza ary ny makoba hita eto Madagasikara | Fisian'ny drafitr'asa fikajiana ny karazan'antsantsa sy makoba fantatra fa tandindomin-doza | Famolavolana drafitra fikajiana | Atrik'asa nasionaly | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA | | | | | | 161.000.000 |
| | | | Entanina ny mpandray anjara amin'ny fikajiana ireo antsantsa sy makoba tandindomin-doza | Fanentanana Fifamizarana_fanentanan ary serasera | | MIN. FANJONOANA MESUPRES ONG Vondron'ny Mpanjono Mpanangom-bokatra | | | | | | |
| A.2.1.3 | Manoratra lahatsoratra momba ny fisokajiana ny karazana antsantsa sy makoba ho an'i Madagasikara manokana | Lahatsoratra mikasika ny fisokajiana ny karazana antsantsa sy makoba | Amboarina ny lahatsoratra momba ny karazam-biby ho an'i Madagasikara, mifototra amin'ny vokatry ny fikarohana | Fampivondronana ireo antontan-kevitra misy | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA MIN. FANJONOANA ONG Vondron'ny mpanjono Mpanangom-bokatra | | | | | | |
| A.2.1.4 | Mamolavola pôlitika nasionaly ho fikajiana sy fitantanana ny *chondrichtyens* (sokajy hazan-drano misy ny antsantsa sy ny makoba) | Fisian'ny pôlitika nasionaly ho fikajiana sy fitantanana ny *chondrichtyens* | Mamolavola pôlitika sy paik'ady nasionaly ho fikajiana sy fitantanana ny *chondrichtyens* | Atrik'asa nasionaly | MIN. TOTONTOLO IAINANA | MIN. FANJONOANA MESUPRES ONG Vondron'ny Mpanjono Mpanangom-bokatra | | | | | | |
| **Lafiny lalàna sy fanarahana fenitra** | | | | | | | | | | | | |
| A.2.2.1 | Mamerina mijery ny lalàna,, mampifanaraka izany amin'ny | %-n'ny lahatsoratra misy lalàna | Mamerina mijery ny lahatsoratra misy ny lalàna sy ny fenitra mifandraika | Fanangonana sy fanadihadiana ireo lahatsoratra | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TONTOLO | | | | | | 2.000.000 |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | toetr'andro ary mampihatra izay voalazan'ny lalàna sy ny fenitra mifandraika amin'ny fivarotana ny vokatra avy amin'ny antsantsa sy makoba | momban'ny fitrandrahana nahitsy sy notanterahina | amin'ny fivarotana ny vokatra avy amin'ny antsantsa sy makoba | misy lalàna, ataon'ny mpanamahay | | IAINANA MESUPRES Min Varotra | | | | | | |
| A.2.2.2 | Mametraka fomba fitantanana feno ho an'ny fivarotana vokatra avy amin'ny antsantsa sy makoba, anatin'izany ny fanatanterahana ny fepetran'ny CITES ho an'ny antsantsa | Fisian'ny rafi-pitondrana momba ny fitantanana ho an'ny fivarotana vokatra avy amin'ny antsantsa sy makoba | Mamolavola lahatsoratra misy lalàna mifehy araka ny fepetran'ny CITES | Atrik'asa | MIN. TOTONTO LO IAINANA | MIN. FANJONOANA Min Varotra MFB | | | | | | |
| | | | Miantoka ny fanatanterahana izany lahatsoratra misy lalàna izany | Fanaraha-maso | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA MIN. FANJONOANA Min Varotra | | | | | | |
| A.2.2.3 | Mamolavola ny filazana ara-barotra tsy manimba mikasika ny antsantsa sy ny makoba - CITES | Filazana ara-barotra tsy manimba ho an'ny karazam-biby voapetraka | Mametraka ny filazana ara-barotra tsy manimba mifototra amin'ny antontan-kevitra siantifika (cf A1.2.1) | Fanaraha-maso | MIN. FANJONOA NA | MIN. TONTOLO IAINANA Vondrona mpikaroka | | | | | | |

## 2.3. TANJON'NY PAIK'ADY 3

**Lohateny :** Hamafisina ny fepetra mikasika ny fitantanana sy ny fikajiana ny antsantsa sy ny makoba

**Fomba fiasa fototra:**

- ◊ Fitantanana ny fahalalàna (fanangonana ny fomba fiasa tsara sy fanentanana ny fiaraha-monina momba izay fomba fiasa izay)
- ◊ Fanamafisana orina ny fomba fizarana traikefa

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany | | A1 | A2 | A3 | A4 | A5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Mpitarika | Mpandray anjara | | | | | | |
| Famadihana ho vokatra ireo fomba fanao tsara | | | | | | | | | | | | |
| A.3.1.1 | Fantarina ireo modely tsara indrindra amin'ny fitantanana ny jono mikendry ny *chondrichtyens* | Fisian'ny fomba famantarana sy famakafakana ny fomba fanjonoana mikendry | Fitantanana ireo fahalalàna ary fametrahana izany anatin'ny fenitra | Fandalinana ataon'ny mpanamahay<br>Atrik'asa fanapariahana | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOA NA MIN. TONTOLO IAINANA | | | | | | 60.000.000 |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | (sokajy hazan-drano misy ny antsantsa sy ny makoba) tandindomin-doza amin'ny jono madinika, ary aparitaka sy averina atao (fanaraha-maso ny jono ; fanaraha-maso ara-biôekôlôjika) | | | izany | | ONG Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |
| A.3.1.2 | Fantarina ny modely tsara indrindra amin'ny fampihenana ny jono *chondrichtyens* tsy nahy izay tandindomin-doza eo amin'ny jono madinika, ary apariaka sy averina atao (fanaraha-maso ny jono ; fanaraha-maso ara-biôekôlôjika) | Fisian'ny fomba famantarana sy fanadihadiana ny fomba fanao mampihena ny jono tsy nahy | Fitantanana ireo fahalalàna ary fametrahana izany anatin'ny fenitra | Fandalinana ataon'ny mpanamahay<br><br>Atrik'asa fanapariahana izany | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOA NA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>ONG<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |
| A.3.1.3 | Fantarina ireo modely tsara indrindra eo amin'ny fiaraha-mitantana ataon'ny fiaraha-monina ifotony izay mandray anjara, manapariaka ary mamerina manatanteraka ny fepetra ho fikajiana sy fitantanana ny antsantsa sy makoba | Isan'ny modely fiaraha-mitantana hita ataon'ny fiaraha-monina ifotony | Fitantanana ireo fahalalàna ary fametrahana izany anatin'ny fenitra | Fandalinana ataon'ny mpanamahay<br><br>Atrik'asa fanaparitahana izany | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOA NA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>ONG<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |
| **Fanamafisana ireo fepetra noraisina** | | | | | | | | | | | | 102.500.000 |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.3.2.1 | Mamolavola sy mametraka fepetra ho fampihenana ny tahan'ny fahafatesan'ny antsantsa sy ny makoba vokatry ny jono, mifanaraka amin'ny fomba fitandremana ataon'ny FAO mikasika ny fanjonoana sy ny fomba fitondrana amam-panao mba hisian'ny jono tompon'andraikitra | Isan'ny mpanjono sy mpitrandraka fantatra ho an'ny fitantanana ny jono<br><br>% fandraisana anjaran'ny fiaraha-monina ifotony | - Fanolorana lahatsoratra misy lalàna fanatanterahana mifandraika amin'ny fampihenana ny tahan'ny fahafatesan'ny antsantsa sy makoba vokatry ny jono ;<br>- Hamafisina ny fizarana ny 'karatra maha-mpanjono' mampahafantatra ny fitaovam-panjonoana ampiasain'ireo izay manana izany | Famolavolana mikasika ilay fanolorana lahatsoratra misy lalàna | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA<br>MIN. FANJONOANA | | | | | | |
| A.3.2.2 | Hampiroboroboana ny fepetra fampihenana ny fahazoana haza hafa miaraka amin'ny antsantsa sy makoba | Tahan'ny fihenan'ny fahazoana haza hafa miaraka amin'ny antsantsa sy makoba | - Fampielezana ho an'ny vahoaka rehetra ny fitaovana<br>- Fanaraha-maso ny lanjam-bokatra sy ny fanjonoana<br>- Fampihenana ny ezaka rehefa manjono | Hetsika fanentanana | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>ONG<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |
| A.3.2.3 | Hitarina ny fampiasana ireo faritra tsy hahazoana manjono antsantsa sy makoba mba handraisana anjara amin'ny fikajiana sy ny fitantanana azy ireo, ary indrindra ho fiarovana ny karazam-biby tandindomin-doza tsy misy afa-tsy ao amin'ny faritra | Haben'ny faritra arovana;<br>Isan'ny AMP mifandray amin'ny karazam-biby tandindomin-doza sy tsy hita afa-tsy eo amin'ny faritra<br><br>Fahafantarana ny fonenany | - Manao fikarohana momba ny fizarazarana ara-potoana sy ara-toerana ary ny fahabetsahany<br>- Manatanteraka fanadihadiana ny laharampahamehana ho an'ny fikajiana (Marxan, …)<br>- Mametraka fepetra fitantanana (Zonage, AMP, APGL,/faritra arovana) | Fandalinana ataon'ny mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA<br>MIN. FANJONOANA | | | | | | |
| A.3.2.4 | Ampiasaina ny Faritra Arovana An-dranomasina *transfrontalières* ao amin'ny faritra | -Toetra biôlôjika sy firafitry ny andiany, sy vondron'ny karazan'ny biby | - Mamerina mijery ireo fahalalàna efa ananana<br>- Manao fandalinana ara-tsiantifika momba ny fifindra-monina sy ny | Fiaraha-miasa miaraka amin'ny firenena amin'ny | POINT FOCAUX | MIN. TONTOLO IAINANA<br>MIN. FANJONOA | | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Andrefan'ny Ranomasimbe Indianina | mpifindra monina<br>- Isan'ny firenena mandray anjara<br>- Isan'ny AMP | fifandraisana<br>- Manao fanadihadiana Marxan an'ny fomba izay nahomby indrindra tamin'ny fijerena faritry ny AMP | Ranomasimbe Indiana | | NA<br>ONG<br>Vondron'ny mpanjono | | | | | | |
| A.3.2.5 | Hamafisina ny fanaraha-maso sy ny fiambenana | - Isan'ny mpanara-maso anatin'ny sambo mpanjono indostrialy<br>- Isan'ny mpiandry sisin-tany | - Mametraka sy mampandray andraikitra ny CCS na Komity Mpanaramaso ny Fandikan-dalàna (jono madinika)<br>- Hamafisina ny fitondrana antontan-kevitra avy amin'ny mpanara-maso anivon'ny sambo (jono indostrialy) | Fanaraha-maso | MIN. FANJONOA NA | UG<br>SNGCRR<br>ONG<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |

## 2.4. TANJON'NY PAIK'ADY 4

**Lohateny:** Hamafisina ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra eny anivon'ny faritry ranomasimbe Indianina sy eo amin'ny firenena malagasy

**Fomba fiasa fototra:**

- ◊ Fandraisana anjara anivon'ny lalàna any amin'ny faritra
- ◊ Fanamafisana ny fomba fiaraha-miasa sy fifampizarana

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany | | A1 | A2 | A3 | A4 | A5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Mpitarika | Mpandray anjara | | | | | | |
| Fahaiza-manao eo anivon'ny faritry ny ranomasimbe Indianina | | | | | | | | | | | | |
| A.4.1.1 | Mandray anjara amin'ny fametrahana vondrona miara-miasa momba ny antsantsa sy makoba | | | Fandraisana anjara amin'ny fihaonam-be iraisam-pirenena | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA | | | | | | p.m |
| A.4.1.2 | Mandray anjara amin'ny fametrahana foiben-toerana eo amin'ny Faritry ny Ranomasimbe | | | Fandraisana anjara amin'ny fihaonam-be iraisam-pirenena | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA | | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Indianina mahalala momba ny antsantsa sy ny makoba | | | | | | | | | | | |
| **Fahaiza-manao amin'ny sehatra nasionaly** | | | | | | | | | | | | |
| A.4.2.1 | Mametraka fomba fiasa mazava sy maharitra mba hisian'ny fidiram-bola, fitaovana ary teknika izay ilaina | Fanoratana ny teti-bola mikasika ny Shark MoU anatin'ny teti-bolam-panjakana | Manome tombana ny filàna ara-bola<br>Manao fanadihadiana ara-toekarena momba ny antsantsa sy ny makoba ;<br><br>Fanoratana izany ao amin'ny teti-bolam-panjakana | Fanomezana tombana ara-toekarena ;<br>Asa ataon'ny mpahay lalàna | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>CSO<br>ONG | | | | | | **220.000.000** |
| A. 4.2.2 | Mametraka rafitra mba hisian'ny fifanakalozana eo amin'ny mpisehatra nasionaly rehetra | Fisian'ny rafitra sy fomba fikarohana | Mamolavola fomba fikarohana momba ny antsantsa sy ny makoba;<br><br>Hetsehina ireo fikambanana miasa amin'ny sehatra fiarovana ny antsantsa sy makoba;<br><br>Entanina ny fiaraha-miasa amin'ny antoko rehetra | Fivoriana (fikambanana miara-miasa), Forum, Mailing list | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>MESUPRES<br>ONG | | | | | | |
| A.4.2.3 | Manatsara ny fahaiza-manaon'ny mpanara-maso | Isan'ny mpanara-maso voaofana | Fampahafantarana ary fanofanana ireo mpanara-maso ;<br>Hatsaraina ny fanambarana vokatra avy amin'ny mpanara-maso ;<br>Omen-danja ny mpitari-dalana avy amin'ny WIOMSA (famantarana) | Fanofanana sy famokarana mpitari-dalana | POINT FOCAUX | MEEP<br>CSP<br>CIFM | | | | | | |

## 2.5. TANJON'NY PAIK'ADY 5

**Lohateny:** Hatsaraina ny fampitovizana sy ny fampiharana ny lalàna mipetraka

**Fomba fiasa fototra:**

◊ Fijerena ny lalàna, ny fitsipika misy sy ny fanavaozana izany

◊ Fametrahana rafitra fanapariahana ny lalàna sy ny fitsipika misy

◊ Fanaovana tombana ny fanatanterahana izany lalàna sy fitsipika izany miaraka amin'ny fanadihadiana ny rafitra fanamarinana sy fanaraha-maso

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany | | A1 | A2 | A3 | A4 | A5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | Mpitarika | Mpandray anjara | | | | | | |
| **Fahaiza-manao amin'ny sehatra nasionaly** | | | | | | | | | | | | 250.500.000 |
| A.5.1.1 | Hatsaraina ny fanatanterahana ny fepetra ho fikajiana sy fitantanana, araka ny teny nomena tamin'ny fifanarahana iraisam-pirenena | Fisian'ny rafitra manitsy ny lahatsoratra misy lalàna | Mamerina mijery ny lahatsoratra misy lalàna mba hifanitsy amin'ny fenitra fikajiana ary ny teny nomena | - Fanangonana ny lahatsoratra misy lalàna<br>- Fanaovana fanisana | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>Min Varotra<br>Min Fitaterana | | | | | | |
| A.5.1.2 | Hidirana ireo lafiny rehetra amin'ny jono INN antsantsa sy makoba ary ny fivarotana vokatra antsantsa INN tsy ara-dalàna | Fivoaran'ny trangan-jono INN | Hamafisina ny fanamarinana ny sambo mpanjono ho an'ny varotra sy ny an'ny indostria | Fanamarinana sy fanaraha-maso | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>Min Varotra<br>Min Fitaterana<br>COBA (VOI)<br>Mpanangom-bokatra<br>Mpanonama sambo<br>Indostria mpanjono | | | | | | |
| | | | Hamafisina ny fanamarinana ny jono madinika | | | | | | | | | |
| | | | Hamafisina ny fanamarinana ny fivezivezen'ny vokatra avy amin'ny jono | | | | | | | | | |
| **Fahaiza-manao eo an-toerana** | | | | | | | | | | | | 230.000.000 |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.5.2.1 | Aparitaka ary averina atao ireo fomba fiambenana sy fanamarinana mahomby izay notarihin’ny fiaraha-monina any amin’ny faritra ami'ny fampiasana ny “SMART” na izay mitovitovy amin’izany | Isan’ny CCS afaka miasa | Fantarina ny fepetra mahomby alohan’ny fanaparitahana sy famerenana dika mitovy izany | Famantarana sy fanaparitahana | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA MIN. TONTOLO IAINANA | | | | | | |

## 2.6. TANJON'NY PAIK'ADY 6

**Lohateny :** Hatsaraina ny fanentanana sy ny serasera/fifampiresahana

**Fomba fiasa fototra :**

◊ Fametrahana paik'adim-pampitam-baovao

◊ Fametrahana paik'ady fanabeazana momba ny tontolo iainana

◊ Fametrahana fanamafisana fahaiza-manaon'ny mpisehatra eny ifotony

| Marika | Ireo asa fototra | Marika fandrefesana | Asa anatiny | Fomba fidirana an-tsehatra | Ireo mpandray anjara voakasik'izany | | A1 | A2 | A3 | A4 | A5 | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | **Mpitarika** | **Mpandray anjara** | | | | | | |
| **Fanentanana faobe** | | | | | | | | | | | | |
| A.6.1.1 | Manentana ny sehatra nasionaly sy ny anivon'ny faritra momba ny fikajiana sy ny fitantanana ny antsantsa sy makoba | - Isan'ny fanentanana vita<br><br>- % faritra ara-jeôgrafika iasana | Mamolavola paik'ady fampitam-baovao (mamatsy torolalana hahafahana mamaritra ny karazana antsantsa sy makoba rehetra mifandraika amin'ny fanofanana ny mpanjono sy ny mpiasan'ny ladoany mandritra ny fotoana mitohy) | Fandalinana ataon'ny mpanamahay | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>ONG<br>Toeram-pikarohana | | | | | | 350.000.000 |
| | | | Fanatanterahana ny paik'ady | Hetsika fanentanana | POINT FOCAUX | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>ONG<br><br>Sehatra tsy miankina<br>Toeram-pikarohana<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.6.1.2 | Mametraka rafitra hahafahana mampivelatra ny fahalalàna momba ny antsantsa sy ny makoba | Fisian'ny rafitra | | | | | | | | | | |

| Fanentanana ho an'ny sokajin'olona voafaritra | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A.6.2.1 | Mamatsy/Manome torolalana hahafahana mamantatra ny karazana antsantsa sy makoba rehetra, miaraka amin'ny fanofanana ny mpanjono, ny tompon'andraikitry ny jono ary ny tompon'andraikitry ny ladoany amin'ny fomba mitohy | - Isan'ny tari-dalana vita sy nozaraina<br>- Isan'ny andiam-piofanana<br>- Isan'ny mpisitraka | Mamolavola fandaharan'asa fikarohana miaraka amin'ny toeram-pikarohana | Firaharahana miaraka amin'ny toeram-pikarohana ; fitadiavana famatsiam-bola (vatsim-pianarana); lisitry ny fikarohana ilaina ary fanambarana izany | POINT FOCAU X | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>Toeram-pikarohana<br>Vondron'ny Mpanjono | | | | | | 350.000.000 |
| A.6.2.2 | Mamorona fitaovana manampy amin'ny fampitana fampianarana | Isan'ny karazana fitaovana fampianarana vita sy voazara | - Mamolavola tari-dalana<br>- Mikarakara fiofanana | Famoronana sy fanaovana dika mitovy | POINT FOCAU X | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TOTONTOLO IAINANA<br>MEN<br>ONG | | | | | | |
| A.6.2.3 | Mamorona fandaharan'asa fampianarana mikasika ny tontolo iainana | Fandaharan'asa fampianarana momba ny tontolo iainana | Mamolavola ny mombamomba izany Mampiditra izany amin'ny fandaharam-panabeazana | Famoronana sy fanaovana dika mitovy | POINT FOCAU X | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>MEN<br>ONG | | | | | | |
| | | | Manamboatra ary manaparitaka ny fitaovana misy ny momba izany sy ny fampianarana | Mpanolotsaina | POINT FOCAU X | MIN. FANJONOANA<br>MIN. TONTOLO IAINANA<br>MEN<br>ONG | | | | | | |

PMO – PNGCRR

# 2022 - 2026



© Stella Diamant/Madagascar Whale Shark Project